“Satria nino anatra ianao ka nanetry tena teo anatrehan’i Jehovah, raha nandre izay nolazaiko ny amin’izay hanjo ity tanàna ity sy ny mponina eto dia ny handravana azy sy ny hahatongavany ho fanozonana ka nandriatra ny fitafianao sady nitomany teo anatrehako ianao, dia Izaho kosa efa nihaino, hoy Jehovah. Koa, indro, hangoniko any amin’ny razanao ianao ary hangonina any amin’ny fasanao amin’ny fiadanana; ary ny masonao tsy mba hahita izay loza rehetra ho entiko mamaly ity tanàna ity. Dia nitondra valiny ho any amin’ny mpanjaka izy ireo”. II Mpanjaka 22 : 19 – 20